RAKITSORATRA TORITENY
ALAHADY FAHARAIKA AMBIN'NY FOLO MANARAKA NY TRINITE *Matio 21.28-31*

31 AOGOSITRA 2014 FLM ORLÉANS
Toriteny Pastora RASETA

Hivavaka àry isika tompoko.

Misaotra Anao indrindra izahay Andriamanitra Ray be fahasoavana ô, rain'ny mazava Anao, loharanon'ny mazava fanaperana Anao, fa Ianao no mampisy ny mazava ao anatin'ny fo. Tsy misy olona mampahazava ny fony na dia iray aza. Raha misy mazava fo dia hazavainao izany, indrindra moa fa hazavain'ny Teninao. Ny Teninao no nampisy an'izao rehetra izao, ary ny Teninao no nanao hoe « *misia mazava* » dia nisy mazava. Ka dia tsy nety ho avy amin'ny zavatra hafa ny mazava fa ny Teninao no mampisy ny mazava. Efa nandre ny mazava izahay tamin'ny vakiteny masina izay novakina talohan'izao ary mbola handre ny mazava koa izahay satria ny mazava dia avy ny Teninao. Ianao tenany no mazava Andriamanitra ô, ary ny zanakao Jesosy, Izy no tena mazava. Izy no efa nanambara taminay koa fa Izy no fahazavan'izao tontolo izao. Raha misy olona manaraka Azy, raha misy olona mihaino Azy, raha misy olona mety hiara-dia Aminy tsy mba handeha amin'ny maizina izany olona izany fa hanana ny fahazavan'aina izy. Tsy ilay fahazavana izay miposaka amin'ny maraina ka milentika amin'ny hariva. Tsy ilay fahazavan'aina izay heverina ho fahazavan'aina araka ny fihevitr'olombelo, tsy ny fahazavana izay tsy mahatanty rivotra fa fahazavana izay manazava ny ao am-po, manazava ny ao anaty, manazava ny fiainana manontolo ka mampiova azy, mitondra fifaliana, mitondra fanantenana, mitondra fahasoavana, mitondra fahasitranana ihany koa.

Tompo ô indreto àry izahay, dia mangataka izahay mba hohazavain'ny Teninao koa izahay. Izay no mampangetaheta anay Tompo, izay koa no hahatongavanay eto, mangetaheta ny mazava izahay. Raha misy haizina dia mampahory ny haizina. Tsy ifankafankatarana ny haizina. Tsy fantatra izay an-kavia sy an-kavanana. Ary raha maizina koa ny lalana dia tsy fantatra izay haleha. Amin'izao izahay dia mangataka ny fahazavanao Tompo ô. Hazavao izahay eto, hazavao koa izahay rehefa miala teto. Hazavao izahay amin'ny andavanandro. Hazavao izahay amin'ny toeram-piasana Tompo ô. Mila Anao izahay Andriamanitra ô. Mila ny zanakao Jesosy izahay. Tahio ny madinika rehetra. Tahio koa ny tanora Tompo ô. Tahio ny tsirairay avy, ny ray aman-dreny koa anatin'izay. Iza moa no tsy mila ny mazava ? Tsy misy tsy mila ny mazava. Mangataka anao koa izahay ho an'ity tanàna manodidina azy ity

mba hazava koa ity toerana ity. Maro avao ny olonao izay miely patrana any. Ary maro koa ny ivelany any mila ny mazava izy, tarihonao Tompo ô. Amin'izao izahay dia handre ny Teninao izay mazava. Dia mitenena Tompo ô. Amin'ny anaran'i Jesosy zanakao. Amen !

Ny Tenin'Andriamanitra izay anjarantsika tompoko dia iarahantsika mahita izany ao amin'ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy araka ny Matio. Matio toko faharaika amby roapolo andininy fahavalo amby roapolo ka hatramin'ny andininy faharaika amby telopolo [miverina indroa] (Matio 21. 28-31). Rehefa iaraha-mahita izany dia mivaky toy izao amin'ny anaran'i Jesosy Tompontsika.

VAKITENY

Ry Ray Masina ô, manamasina anay amin'ny fahamarinana fa ny Teninao no fahamarinana. Amen.

Ry Fiangonana malala, ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.

Tsarovana manokana amin'izao teny anjarantsika izao, tsy fanoharana fa tantara anankiray izay tena famantarana lehibe ao amin'ny Filazantsara masina araka an'i Jaona. Famantarana lehibe izany dia ny amin'ny atao hoe fampakarambady tany Kana. Nisy fampakarambady tao. Tsy dia izany akory no tena hoe hotantaraintsika eto, efa mahalala an'izany daholo isika tompoko. Fa ny zava-dehibe dia izao : lany moa ny divay, tsy ampy, ny sasany efa nisotro, ny sasany mbola tsy nahazo. Kanefa dia izany moa no atao hoe voninahitry ny fety. Ka rehefa niseho izany zavatra izany, tsy nahafantatra loatra ny tena tompon'andraikitra voalohany tao amin'ny fety ka dia Maria renin'ny Tompo no niteny tamin'ireo mpanompo. Mpanompo izay nikarakara ny fanovozan-drano. Manome rano hisasana tongotra sy tanana ho an'izay asaina. Ireo mpanompo ireo izany no nitenenan'i Jesosy. Fa tsy Jesosy aloha no niteny amin'izy ireo fa Maria renin'ny Tompo. Lany ny divay, efa kely no sisa, ka dia sahirana ny renin'ny Tompo mahita izany toe-javatra tena manahirana izany. Tsy mahafaly akory ny mandre an'izany fa mampalahelo izany. Ka dia vonona i Maria renin'ny Tompo nitondra izany raharaha manahirana izany teo amin'i Jesosy zanany. Fa Jesosy moa nilaza izay nolazainy tamin'i Maria hoe : « *tsy mbola tonga ny fotoako* ». Ny fotoan'Andriamanitra anie izany. Tsy fotoan'olombelo izany. Tsy fotoana na inona na inona izany. Tsy programan'ny tompom-pety akory fa fotoan'Andriamanitra no ambaran'ny Tompo

eo. Inona moa ny zavatra lehibe ambara amin'izany dia izao : nanambara i Maria renin'ny Tompo hoe *« ataovy izay hasainy hataonareo* », hoy izy tamin'ireo mpanompo ireo. Hataovy izay hasainy hataonareo. Ireo mpanompo ireo izany sady mikarakara ny rano hisasan'ny nasaina kanefa inoana fa nikarakara ny fandrosoana ny divay eny ambony latabatra ihany koa. Hataovy hoy ny renin'ny Tompo izay asainy hataonareo izany hoe hataovy izay hasain'i Jesosy hataonareo. Efa nambara tamin'i Jesosy ny zava-manahirana, ka rehefa nambara taminy ny zava-manahirana dia Izy izany no hiteny amin'ny mpanompo. Ka hoy i Jesosy hoe : *« Fenoy rano ny siny »*. Ny divay no tsy misy, kanefa ny rano isasana tongotra no ampiana indray mandeha koa. Ny eo aza efa tsy ampy ka mbola ampiana indray ve ny olona hasaina mba tsy hahampy ny zavatra bebe kokoa. Izay no eritreritr'olombelona tompoko. *« Fenoy rano ny siny* », tsy nisalasala ireo mpanompo ireo. Nino izy, ireo nanaiky izy ireo, ka inoana fa nanao hoe : « *eny tompoko fa hofenoina rano ny siny* ». Dia nofenoiny rano tokoa ny siny. Rehefa nampanaovina izy izany dia nanao. Tsy mba tahaka an'izay re eto loatra hoe : ataovy izao, eny hoy ilay anankiray, kanefa tsy nandeha izy. Tsy nanao izy. Fa eto kosa ireo mpanompo tao amin'ny fanasana dia nasaina nanovo rano tamin'ny siny. Nofenoina rano ny siny izay natao isasana tongotra sy tanana. Nanaiky izy ireo. Tsy nisalasala, tsy niherikerika, tsy nimonomonona, tsy nanao teny hafa fa dia izao, nanao izay nasain'i Jesosy hatao. Rehefa avy eo, tonga eo ny rano, dia nahagaga koa ny Tenin'i Jesosy Tompo. *« Tovozy* », hoy i Jesosy dia *« ento ao amin'ny fanasana* », ento amin'ny mpandahatra ny fanasana izany. Ny divay anie no tsy misy tompoko, tsy ny rano akory no tsy nisy. Tsy ny rano isasana tongotra no tsy ampy fa ny divay no efa lany kanefa dia ny rano no nasaina naterina teny ambony latabatra. Nanao izy ireo, nanatanteraka izay nasain'i Jesosy natao izy ireo. Mahagaga izany. Tsy mba nanao hoe fa nahoana ? Tsy mba nanao hoe : ka inona no anton'izao zavatra izao ? Ka rano natao isasana tongotra ve no hoentina eny ambony latabatra indray ? Tsy nametraka izany fanontaniana izany izy tompoko. Nanao. Izay no zava-dehibe.

Manaiky hanao izay hasain'i Jesosy hatao. Manaiky kanefa manao ihany koa.

Hafa ny hoe manaiky izany kanefa tsy manao. Izay no rentsika amin'ity teny anjarantsika ity. Fa izy ireo kosa dia sady nanaiky no nanao. Izay izany no zava-dehibe, tompoko.

Eto amin'ity Teny anjarantsika ity àry tompoko dia misy fanoharana anankiray. Tsy iverenana hovakina koa moa izay fa dia efa mazava fa manan-janaka roa lahy ity ralehilahy anankiray ity, ny faralahy moa izany dia ny lahimatoa. Ny niresahana voalohany izany dia ny

lahimatoa, ka dia hoy ilay lahimatoa hoe an an, izaho tsy manam-potoana, tsy manam-potoana ho any aho, kely ny fotoanako, asa na inona na inona no antony fa dia tsy nanaiky izy. Kanefa rehefa avy eo dia nanenina ka dia nandeha ihany. Novangian'ny fahendrena izy, novangian'ny fisaintsainana izy, ka dia nanenina ka dia nandeha ihany. Tsy mba tonga ho azy ny fanenenana, tsy mba tonga ho azy ny fiverenan-dalana ka iverenana amin'izay mahitsy sy marina. Fahendrena anie no anton'izany.

Tonga tamin'ilay faharoa, ny zandriny izany, nanaiky tsy nisalasala ny zandriny, *« eny àry tompoko fa handeha aho* », kanjo tsy nandeha izy. Eo izany ny zavatra, ka ity faralahy ity izany, nanaiky kanefa tsy nanao. Eo anatrehan'izany dia tsaroantsika ilay tena manaiky kanefa manao dia Jesosy. Jesosy no tena ilay tokana manaiky sady manao. Ny Rainy no naniraka Azy. Efa rentsika izany ao amin'ny Filazantsaran'i Jesosy ao amin'i Jaona, Jaona toko faharoapolo (Jaona 20), nilazan'i Jesosy hoe *« tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo kosa* ». Ny Ray maniraka an'i Jesosy, Jesosy manaiky handeha, kanefa tsy hoe manaiky handeha ihany fa tena nanao Izy, nanatanteraka Izy ka dia nidina Izy. Namonjy antsika Izy. Ny famonjena antsika indrindra no antony naneken'i Jesosy ny iraky ny Rainy. Tsy mba nanao tahaka an'ilay lahimatoa i Jesosy. Tsy hoe nanenina Izy, Jesosy tsy mba isan'ny mpanota fa nivesatra ny otantsika kosa Izy fa nanaiky Izy, dia nanatanteraka izay nekeny. Tsy mba tahaka an'ilay faralahy koa Izy, nanaiky kanefa tsy nanao. Jesosy no ilay tokana izay nanaiky ny fanirahan'ny Rainy Azy. Izy no ilay tokana izay manao izay asain'ny Rainy atao. Filazantsara anie izany tompoko, Filazantsara lehibe izany. Izany faneken'i Jesosy izany, izany fanatanterahan'i Jesosy ny Tenin'ny Rainy izany, izay maniraka Azy izany, izany no famonjena antsika, izany no fanavotana antsika, izany no fanazavana antsika, izany no famindrana toerana antsika hiala tamin'ny haizina ho amin'ny mazava, hiala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana. Zava-dehibe ny faneken'i Jesosy. Kanefa tsy izay ihany fa ny faneken'i Jesosy no mamonjy koa ny tsy fanekentsika. Matetika isika manaiky kanefa tsy manao. Matetika isika tena tsy manaiky mihitsy dia vangian'ny fahendrena isika, vangian'ny Fanahy Masina isika mba hiverina mba hanao. Io asan'i Jesosy io, io faneken'i Jesosy io, io fanaovan'i Jesosy io izany, io no mamonjy ny fanaovantsika. Matetika isika dia tsy tena manao, matetika isika dia mora manaiky, efa nomena fahasoavana hanaiky moa isika. Teo amin'ny batisa masina dia efa nomena antsika ny fahasoavana hanaiky. Efa natao hanaiky isika, voaantso mba hanaiky isika mianakavy. Ao amin'ny batisa indrindra no iantsoana antsika. Kanefa moa ve tena manao isika, manao ve isika, mandeha ve isika, manatanteraka ve isika ? Ary raha atao hoe tsy manao moa, efa nanenina ve ? Efa niverin-

dalana ve ? Efa novagian'ny fahendrena ve ka nanaiky hovangian'izany fahendrena izany ka manaiky hiverina amin'izay asain'Andriamaintra hatao ? Io tompoko, Jesosy no ilay tokana manaiky, Jesosy no ilay tokana manao, Jesosy no ilay tokana manatanteraka. Ny fanaovan'i Jesosy no mamonjy ny tsy fanaovantsika. Matetika ny tsy fanaovantsika dia azo tononina moramora tahaka an'izany, kanefa tsy mora a. Misy fiantraikany amin'ny fiainan'ny fanjakan'Andriamanitra, misy fiantraikany amin'ny fiainan'ny Fiangonana ny tsy fanaovako, ny tsy fanaovanao, ny tsy fanaovantsika.

Amin'izay isika dia mila mibebaka, amin'izay isika dia mila manahaka ilay lahimatoa ihany, manaiky hovangian'ny Fanahy Masina isika. Manenina, mibebaka ka miverina amin'izay tsy vita teo. Aleo mimpody, tsy tara akory. Tsy maninona ny mimpody. Tsy mahamenatra izay tompoko. Aleo mimpody, isika, aleo mimpody amin'izay asain'Andriamanitra hatao, aleo mimpody amin'izay iantsoan'Andriamanitra antsika mba hatao. Tsy mbola tara tompoko, tsy mbola tara na inona na inona izay amangian'ny Fanahy anao hoe fa ity ny zavatra mbola tsy vita. Jesosy no mamonjy. Tsy mandeha ho azy anefa izany fanaovantsika izany. Tsy misy olona manenina ho azy izany. Tsy misy olona mibebaka ho azy izany, fa izany dia Filazantsaran'ny pentekôsta, Filazantsaran'ny fanomezana ny Fanahy izany. Ny Fanahy no mitarika tompoko, ny Fanahy no manazava, araka ny tononkirantsika teo dia mila ny mazava isika. Ny Fanahy dia Fanahy mpanazava. Ny Fanahy dia mitari-dalana antsika ho ao amin'i Jesosy mba hanaraka an'i Jesosy isika. Ahoana moa izany manaraka an'i Jesosy izany ? Manaraka an'i Jesosy, tsy manaraka Azy manao hoe *eny* kanefa manao *tsia* ihany koa amin'ny lafiny ilany. Fa manaraka an'i Jesosy amin'ny *eny* izay efa ataontsika, manaraka an'i Jesosy amin'ny fanaovana, izay koa no zava-dehibe tompoko. Manaraka an'izay dia re ny Tenin'i Jesosy : *iza moa no tena manao ny sitrapon'ny Rainy amin'izy roa lahy ?* Mpanota moa ny olombelona, mpanota ny tenako, mpanota ny tenanao, mpanota isika. Tsy misy marina na dia iray aza. Voalazan'ny Salamo fahefatra ambin'ny folo izany (14). Voalazan'ny Romana toko fahatelo ihany koa izany (3). Ka dia izao, isika anie ireo e. Isika no lahimatoa, na ny faralahy ihany koa. Tsy misy afaka amin'izay isika aby. Ny toetrantsika io, ny fombako io, ny fombanao io, ny fombantsika rehetra io. Isika izany tompoko. Tsy ny hafa izany, tsy ny olona eo akaikiko izany. Tsy ny olona eo an-kaviako izany. Tsy ny olona eo an-kavanako izany. Tsy ny olona eo alohako na eo aorianako izany, ny tenako izany tompoko. Ny tenako indrindra izany ka dia mila miaiky isika. Iza no nanao ny sitrapon'ny rainy ? Ilay lahimatoa izay nanenina. Io zava-dehibe, izay manenina izay, izay mibebaka izay, izay no zava-dehibe. Tamin'izay fotoana izay dia nisy lehilahy natao hoe

Jaona, mpanao batisa izy io. Jaona dia nitoriteny, nitory fibebahana tamin'olona maro. Iza no mba nihaino azy ? Nihaino azy ihany ny rehetra kanefa ny tena nanaiky azy izany dia ny mpamory hetra sy ny vehivavy janga. Ireo dia efa olona manao *tsia* amin'ny fiainana ireo olona ireo. Efa fantatry ny besinimaro hoe, ireo olona maditra, ireo olona any an-tsisin'ny fiaraha-monina, ireo olona mpanota ireo. Ireo izany sokajin'ny mpanao *tsia*. Kanefa izao ireo olona mpanao *tsia* ireo, ireo no nihaino an'i Jaona. Ireo no nibebaka. Ireo no nanenina noho ny ratsy izay nataony ka dia niverina amin'Andriamanitra izy ireo. Nihaino ny toritenin'i Jaona izy ireo. Nibebaka izy ireo. Nifona izy ireo dia izy ireo indrindra no manatona an'i Jesosy araka ny voalaza ao amin'ny Lioka toko fahadimy ambin'ny folo (15) na toko fahefatra ambin'ny folo (14). Manatona an'i Jesosy ny mpamory hetra sy ny mpanota mba hihaino Azy. Nibebaka izy ireo na dia nanao *tsia* aza. Fa iza kosa ny mpanao *eny* ? Ny fariseo, ny mpisorona, ny mpanora-dalàna. Ireo dia mpanao *eny* ireo. Ireo dia olona malaza fa mpanao *eny*, olona mpivavaka tsara ka rehefa tonga i Jaona mpanao batisa, ireo tsy mba nihaino azy, tsy mba nihaino azy ireo. Tsy mba nety nihaino ny toritenin'i Jaona izy ireo. Izay no nilazan'i Jesosy hoe : *ny vehivavy janga sy ny mpamory hetra no hialoha lalana anareo any amin'ny fanjakan'ny lanitra*. Anareo hoy i Jesosy tsy mety mibebaka anareo na dia efa nanao *eny* aza ianareo, na dia mpivavaka tsara aza anareo, tsy mety mibebaka anareo. Fa ny olona izay atao hoe nanao *tsia* no nety nibebaka. Aleo anie *tsia* tompoko dia mibebaka ny tsirairay amintsika na isika tsirairay amin'ity toerana ity. Ny mibebaka izany no sitrapon'Andriamanitra. Izay tompoko, isika dia voaantso hanao *eny* tamin'ny batisa masina. Voaantso hanao *eny* tamin'ny fitorianteny izay rentsika. Voaantso hanao *eny* amin'ny fampaherezana izay raisintsika. Voaantso hanao *eny* isika amin'ny lafim-piainana manontolo maha-kristiana antsika. Raha voaantso hanao *eny* isika, manao *eny* ve isika tompoko ? *Eny* ve no tena ataontsika ? Manao ve isika sa manao *eny* ihany ? Io faran'izay zavatra mora ny manao hoe *eny tompoko* kanefa tsy manao araka izay. Ka izay izany ny zava-misy fa aleo mibebaky, aleo mifona, aleo mimpody tompoko. Fa izay dia tsy mahamenatra. *Izay manatona Ahy hoy i Jesosy tsy mba laviko mihitsy.*

Voninahitra anie ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Raiso ny fitahiana. Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo, ny fitiavan'Andriamanitra Ray, ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina, hatramin'izao ka ho mandrakizay. Amena.